

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
***Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana***

**LOI n° 2001 - 010**

**autorisant la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 08 mai 2001  
entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement  
relatif au financement du PROJET D'ALIMENTATION EN EAU POTABLE  
ET D'ASSAINISSEMENT EN MILIEU RURAL DANS LE GRAND SUD**

**EXPOSE DES MOTIFS**

Suivant l'Accord de Prêt en date du 08 mai 2001, conclu entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement (FAD) relatif au financement du PROJET D'ALIMENTATION EN EAU POTABLE ET D'ASSAINISSEMENT EN MILIEU RURAL DANS LE GRAND SUD, d'un montant de SEPT MILLIONS NEUF CENT TRENTE MILLES Unités de Compte (7.930.000 UC).

**I ) JUSTIFICATION:**

Les Fivondronana de Betroka, Ihosy, Iakora et Ivohibe se situent dans une zone endémique de paludisme et de bilharziose et connaissent aussi des épidémies de choléra ainsi que des infections respiratoires aiguës. Toutes ces maladies sont liées à l'insalubrité des eaux consommées et au manque d'hygiène. L'amélioration de l'accès de la population aux Services Sociaux Essentiels (SSE) comme l'eau potable et l'assainissement tel qu'il a été défini dans le Document de Stratégie de Réduction de la Pauvreté (DSRP), contribue à la satisfaction des besoins en eau et assainissement des populations pouvant changer de façon sensible leurs conditions de vie quotidienne.

Aussi, le Gouvernement conscient de cette situation envisage t-il de faire entreprendre dans les Fivondronana suscités un Projet d'Alimentation en Eau Potable et d'Assainissement en milieu Rural dont le concept est basé sur la stratégie d'impulsion par la demande des bénéficiaires. Les bénéficiaires seront donc associés et participent à tous les processus de réalisation du Projet.

**II ) OBJECTIF:**

**II - 1) OBJECTIF SECTORIEL :**

Les objectifs fixés dans le Document de Stratégie de Réduction de la Pauvreté à l'horizon 2015 sont de porter à 84% la population ayant accès à l'eau potable contre 27% actuellement et à plus de 80% le taux de couverture en

assainissement contre 39% en 2000.

En zone urbaine, 100% de la population devraient accéder à l'eau potable et à l'assainissement contre respectivement 83% et 62% actuellement.

En milieu rural, il s'agit de porter le niveau d'accès à l'eau potable de 13% à 80% et celui de l'assainissement de 25% à 80%.

## **II - 2) OBJECTIF DU PROJET :**

Le Projet vise à réaliser une opération d'hydraulique villageoise dans les Fivondronana de Betroka, Ihosy, Iakora et Ivohibe sur une superficie de 41.725km<sup>2</sup> et dont 105.000 habitants pourraient en bénéficier, soit 87% de la population totale des 4 Fivondronana.

## **III) COMPOSANTES DU PROJET:**

Les composantes du Projet sont les suivantes:

- alimentation en eau potable par la construction de 700 forages équipés de pompes à motricité humaine ;
- assainissement et abreuvoirs par la construction de 5000 latrines et 1050 abreuvoirs.

Pour la construction des latrines, les structures existantes dans la zone du Projet (écoles, centres de santé,...) seront les sites prioritaires.

- Appui à la santé communautaire par la distribution de moustiquaires imprégnés et la promotion des méthodes de prévention et de lutte contre les maladies transmissibles (infectieuses et parasitaires) ;
- mobilisation et formation communautaire par l'éducation de la population à s'impliquer à tous les processus du Projet ;
- appui institutionnel par la mise en place d'une cellule d'exécution du Projet basée à Fianarantsoa, dotée de matériels et équipements nécessaires, la mise en place d'un Comité de Pilotage, la réalisation de l'audit du Projet ainsi que les analyses des impacts.

## **IV) FINANCEMENT**

La requête de financement adressée par le Gouvernement de la République de Madagascar à la Banque Africaine de Développement a obtenu une suite favorable.

Le Fonds Africain de Développement (FAD) a octroyé un prêt d'un montant de 7.930.000 Unités de Compte, soit environ 73.065.830.500 Fmg (1 UCF =

9.213,85 Fmg) pour la réalisation du Projet et l'Accord de Prêt est signé le 08 mai 2001.

Le coût total du Projet est estimé à 8.920.000 UC (82.187.542.000 Fmg) dont 7.930.000 UC prêt du FAD, 900.000 UC (8.292.465.000 Fmg) contribution du Gouvernement et 90.000 UC (829.246.500 Fmg) participation des Bénéficiaires.

## **V) CONDITIONS FINANCIERES DU PRET**

Le montant du prêt accordé par la Banque sur Fonds Africain de Développement est de 7.930.000 Unités de Compte, soit environ 73.065.830.500 Fmg (1 UCF = 9.213,85 Fmg) dont les conditions de remboursement et de paiement des commissions sont les suivantes :

1) Remboursement du principal :

Sur une période de 40 ans à raison de 1% par an entre les onzième et quarantième années et 3% pour les années suivantes après 10 ans de différé à compter de la date de signature de l'Accord.

2) Commission de service :

0,75% sur le montant décaissé et non encore remboursé

3) Commission d'engagement :

0,50% sur le montant non décaissé et commençant à courir 120 jours après la signature de l'Accord.

Le Prêt sera remboursé par des versements semestriels égaux et consécutifs dont le premier sera effectué le 1<sup>er</sup> avril ou le 1<sup>er</sup> octobre, selon celle des deux dates qui suivra immédiatement la fin du différé d'amortissement.

Le principal du Prêt, la commission de service et la commission d'engagement prévus ci-dessus devront être versés tous les six (6) mois, le 1<sup>er</sup> avril et le 1<sup>er</sup> octobre de chaque année.

Le Prêt sera affecté à l'acquisition des biens et services selon les catégories ci-après : travaux de génie civil, biens, services de consultants et frais de fonctionnement.

## **VI) MODALITE D'EXECUTION**

L'organe d'exécution du Projet est la Direction de l'Exploitation de l'Eau du Ministère de l'Energie et des Mines qui mettra en place une Cellule d'Exécution du Projet ayant son siège à Fianarantsoa. Cette Cellule, sous la direction d'un Chef de Projet, travaillera en étroite collaboration avec les directions techniques régionales

chargées de l'eau des Provinces Autonomes de Fianarantsoa et de Toliary.

Au niveau des villages, des Comités de Points d'Eau (CPE) seront mis en place.

Sur le plan national, un Comité de Pilotage consultatif sera créé. Il comprendra des représentants de l'Administration centrale et régionale des deux Provinces, des Elus locaux et des bénéficiaires.

Aux termes de l'article 82. 3, paragraphe VIII de la Constitution : « La ratification ou l'approbation ..., de traités ou d'accords..., qui engagent les finances de l'Etat, ..., doit être autorisée par la Loi ».

Tel est, l'objet de la présente Loi .

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
***Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana***

**LOI n° 2001 - 010**

**autorisant la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 08 mai 2001  
entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement  
relatif au financement du PROJET D'ALIMENTATION EN EAU POTABLE  
ET D'ASSAINISSEMENT EN MILIEU RURAL DANS LE GRAND SUD**

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 11 juillet 2001 et du 23 juillet 2001, la Loi dont la teneur suit :

**ARTICLE PREMIER**: Est autorisée, la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 08 mai 2001 entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement relatif au financement du PROJET D'ALIMENTATION EN EAU POTABLE ET D'ASSAINISSEMENT EN MILIEU RURAL DANS LE GRAND SUD , d'un montant de SEPT MILLIONS NEUF CENT TRENTE MILLES Unités de Compte (7 930 000 UC).

**ARTICLE 2** : La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 23 juillet 2001.

LE PRESIDENT DU SENAT,

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,

RAKOTOMANANA Honoré.

ANDRIANARISOA Ange C. F.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
***Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana***

**LALANA LAHARANA FAHA- 2001-010**

**anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola  
tamin'ny faha 8 mey 2001 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny  
Tahiry Afrikana ho an'ny Fampandrosoana (FAD) momba ny famatsiam-bola  
ny TETIKASA FAMATSIAN-DRANO FISOTRO MADIO SY FANADIOVANA  
ENY AMBANIVOHITRA ANY AMIN'NY FARITRA ATSIMO**

**FAMELABELARANA NY ANTONANTONY**

Araka ny Fifanarahana Fampisamboram-bola tamin'ny faha 8 mey 2001, ny Repoblikan'i Madagasikara dia nindram-bola mitetina TELO ALINA SY SIVY HETSY SY FITO TAPITRISA (7.930.000) Unités de compte tamin'ny Tahiry Afrikana ho an'ny Fampandrosoana (FAD) ho famatsiana ny TETIKASA FAMATSIAN-DRANO FISOTRO MADIO SY FANADIOVANA ENY AMBANIVOHITRA ANY AMIN'NY FARITRA ATSIMO.

**I- FANAMARINANA :**

Ny Fivondronan'i Betroka, Ihosy, Iakora ary Ivohibe izay any amin'ny faritra be tazo sy bilariziozy ary efa ahitana koa ny valan'aretina kolera sy areti-tratra mahery vaika. Ireo aretina voatanisa ireo dia tsy afa-misaraka amin'ny fahalotoan'ny rano sotroina sy ny tsy fahampian'ny fahadiovana. Araka izay voafaritra ao anatin'ny antontan-taratasy mikasika ny paik'ady enti-mampihena ny fahantrana (DSRP) ny fanatsarana ny fahazahoan'ny olona “ Services Sociaux Essentiels (SSE)” toy ny rano fisotro madio sy fanadiovana no ahafahana manome fahafaham-po ireo filana ireo izay ahafahana manatsara ny farim-piainan'ny mponina andavanandro.

Manoloana izany toe-javatra izany, ny fitondram-panjakana dia mihevitra ny hampanao TETIKASA FAMATSIAN-DRANO FISOTRO MADIO SY FANADIOVANA ENY AMBANIVOHITRA ANY AMIN'NY FARITRA ATSIMO ka ny famolavolana dia mifototra amin'ny paik'ady famporishina ny Mpahazo tombontsoa hanao fangatahana. Noho izany, izy ireo dia ho mpikambana ary mandray anjara amin'ny fombafomba rehetra hanatanterahana ny Tetikasa.

## **II- TANJON'NY TETIKASA**

### **II-1) Tanjona ao anatin'ny sehatra**

Ny tanjona voafaritra ao anatin'ny Antontan-taratasy mikasika ny paik'ady enti-mampihena ny fahantrana (DSRP) amin'ny taona 2015 dia ny hahatonga ny isan-jaton'ny olona hahazo rano fisotro ho 84% raha 27% izany ankehitriny ary ho voarakotry ny fanadiovana ny 80%-n'ny mponina raha 39% izany tamin'ny taona 2000.

Amin'ny faritra an-tanan-dehibe, 100% -n'ny mponina no tokony hahazo rano fisotro sy fanadiovana raha 83% sy 62% izany ankehitriny.

Eny amin'ny faritra ambanivohitra, tokony hotratrarinna 13% ka hatramin'ny 80% ny fahazoana rano fisotro madio ary 25% ka hatramin'ny 80% ny fanadiovana.

### **II-2 Tanjon'ny Tetikasa**

Ny Tetikasa dia mikendry ny hanao famatsian-drano eny ambanivohitra ao anatin'ny Fivondronan' i Betroka, Ihosy, Iakora sy Ivohibe amin'ny velaran-tany mirefy  $41.725 \text{ km}^2$  ka mponina miisa 105.000 no hahazo tombontsoa, eo ho eo amin'ny 87%-n'ny fitambaran'ny mponina ao anatin'ireo Fivondronana efatra ireo.

## **III- NY SOKAJIN'NY TETIKASA**

Ireto avy ny sokajin'ny Tetikasa :

- famatsian-drano fisotro madio amin'ny alalan'ny fanaovana lava-drano 700 izay hasiana paompy mandeha amin'ny herim-batana ;
- fanadiovana amin'ny alalan'ny fanamboarana 5000 lavam-piringa sy fanamboarana 1050 fampisotroan-drano ny biby fiompy. Amin'ny fananganana lavam-piringa, ny rafitra efa misy amin'ny farity ny Tetikasa (Sekoly sy toeram-pitsaboana) no homena laharam-pahamehana ;
- fanatsarana ny fahasalamam-bahoaka amin'ny fizarana lay voahisy fanafody mamono moka ary amin'ny fampianarana ny vahoaka ny fiarovana sy ny ady atao amin'ny areti-mifindra ;
- fanentanana sy fanofanam-bahoaka mba handray anjara amin'ny fombafomba rehetra voalaza ao amin'ny Tetikasa ;
- fanohanana amin'ny fametrahana ny “cellule” mpanatanteraka ny Tetikasa izay miorina any Fianarantsoa ary efa nomena fitaovana ilaina, fametrahana Komity mpitarika sy fanaovana fanamarinam-pitantanana ny Tetikasa ary ny fanadihadiana ny fiantraikany.

#### **IV- FAMATSIAM-BOLA**

Nekena ny fangatahana famatsiam-bola izay nataon'ny Gouvernementan'ny Repoblikan'i Madagasikara tany amin'ny Banky Afrikana momba ny Fampandrosoana.

Ny Tahiry Afrikana ho an'ny Fampandrosoana (FAD) dia nampindrana azy vola mitetina 7.930.000 UC izany hoe : 73.065.830.500 Fmg eo ho eo (1UC = 9.213,85 Fmg) ho fanatanteraha ny Tetikasa ary ny fankatoavana ny fampisamboram-bola dia nosoniavina tamin'ny faha 08 mey 2001.

Ny tetin'ny Tetikasa manontolo dia : 8.920.000 UC (82.187.542.000 Fmg) ka 7.930.000 UC dia fampisam-boram-bola avy amin'ny FAD, 900.000 UC (8.292.465.000 Fmg) dia fandraisana anjaran'ny fitondram-panjakana ary ny 90.000 UC (829.246.500 Fmg) dia fandraisan'anjaran'ny Mpahazo tombontsoa.

#### **V- FEPETRAN' NY FAMPISAMBORAM-BOLA**

Ny totalin'ny fampisamboram-bola neken'ny Tahiry Afrikana momba ny Fampandrosoana dia 7.930.000 Unités de Compte, eo ho eo amin'ny 73.065.830.500 Fmg (1 UCF = 9.213, 85 Fmg) ka ny fepetra famerenana ny vola nindramina sy fandoavana ireo tamby isan-karazany dia toy izao :

**Famerenana ny renivola** : Mandritra ny 40 taona ka 1% isan-taona eo anelanelan' ny faha iraika ambin'ny folo sy faha roapolo taona ary 3% isan-taona amin'ny manaraka, aorian'ny 10 taona fandeferana izay miantomboka amin'ny vanin'andro nanaovana sonia ny Fifanarahana.

**Tambim-pampiasambola** : 0,75% amin'ny vola nampiasaina nefä tsy mbola voaverina.

**Tambim-panekena** : Antsasaky ny iray isan-jato (0,50%) amin'ny totalin'ny vola tsy mbola nampiasaina, ka manan-kery manomboka ny faha roapolo amby zato (120) andro aorian'ny fanaovan-tsonia ny Fifanarahana.

Ny famerenana ny vola nosamborina dia harotsaka mitovy sy misesy isaky ny enim-bolana (6) ka ny fandrotsahana voalohany dia ny voalohan'ny volana aprily na ny voalohan'ny volana oktobra isan-taona arak'izay datin'andro manaraka avy hatrany ny faran'ny famotsorana.

Ny renivola nosamborina, ny tambim-pampiasam-bola sy ny tambim-panekena voalaza etsy ambony, dia tsy maintsy harotsaka isaky ny enim-bolana (6) ny voalohan'ny volana aprily sy ny voalohan'ny volana oktobra isan-taona.

Ny vola nosamborina dia ampiasaina ho fahazoan'asa sy fananana araka izao

sokajy izao : asa “jenia sivily”, fananana, raharahan'ny fakana hevitra sy saram-pampandehanan-drahara.

## **VI- FOMBA FANATANTERAHANA NY TETIKASA**

Ny Foibem-pitondrana ny Fitrandrahana ny Rano ao amin'ny Ministeran'ny Angovo sy ny Harena ankibon'ny Tany no rantsa-mangaika mpanatanteraka ny Tetikasa, ka izy no hametraka «Cellule d'Execution du Projet» (CEP) izay hanana ny foibeny any Fianarantsoa.

Io CEP io izay tantanin'ny Lehiben'ny Tetikasa dia hiara-miasa akaiky amin'ny foibem-pitondrana teknika any amin'ny faritra misahana ny rano any amin'ny Faritany mizakatenan'i Fianarantsoa sy Toliara.

Eny anivon'ny tanàna tsirairay dia hasiana Komitin'ny rano.

Eo amin'hy sehatry ny firenena dia hatsangana ny Komity Filankevimpitantanana izay ahitana ny solontena avy amin'ny Fanjakana foibe sy avy amin'ireo Faritany roa ireo, ny Olom-boafidy ary ny vahoaka Mpahazo tombontsoa.

Araka ny voalazan'ny andininy faha-82.3, paragrafy VIII ao amin'ny Lalàmpanorenana : “ Tsy maintsy lalàna no manome alàlana hankatoavana... ny fifanarahana ... izay mampiditra andraikitra ho efaina amin'ny volam-panjakana, ...”

Izany sy izany, no anton'ity Lalàna ity.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
***Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana***

**LALANA LAHARANA FAHA 2001-010**

**anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola tamin'ny faha 8 mey 2001 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahiry Afrikana ho an'ny Fampandrosoana (FAD) momba ny famatsiam-bola ny TETIKASA FAMATSIAN-DRANO FISOTRO MADIO SY FANADIOVANA ENY AMBANIVOHITRA ANY AMIN'NY FARITRA ATSIMO**

Nolianian'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona tamin'ny fivoriana izay nataony avy ny faha-11 jolay 2001 sy faha-23 jolay 2001, izao Lalàna manaraka izao :

**ANDININY VOALOHANY** : Omen-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola tamin'ny faha 8 mey 2001 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahiry Afrikana ho an'ny Fampandrosoana (FAD) momba ny famatsiam-bola ny TETIKASA FAMATSIAN-DRANO FISOTRO MADIO SY FANADIOVANA ENY AMBANIVOHITRA ANY AMIN'NY FARITRA ATSIMO izay mitetina TELO ALINA SY SIVY HETSY SY FITO TAPITRISA Unités de compte (7.930.000 UC).

**ANDININY FAHAROA** : Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao Lalàna izao.

Hankatoavina izany fa Lalàm-panjakana.

Antananarivo faha 23 jolay 2001.

NY FILOHAN'NY  
ANTENIMIERANDOHOLONA,  
ANTENIMIERAMPIRENENA,

NY FILOHAN'NY

RAKOTOMANANA Honoré.

ANDRIANARISOA Ange C. F.